Baolina kitra Derby de l'Océan Indien

Mbola tsy nandresy teo Mahamasina indray ny Barea

Mbola tsy nandresy teo amin'ny kianjan'i Mahamasina nasiam-panavaozana indray, ny ekipan'ny Barea Malagasy fa ady sahala 1-1 indray ny vokatra azo teo amin'ny fihaonan'ny Club M Mauricien sy ny Barea de Madagascar U23, tao anatin'ilay hetsika nokarakarain'ny Ufi-casm "« Derby de l'Océan Idien », lalao miverina tamin'ny sabotsy 11 jona 2022 lasa teo. Efa tany amin'ny fanampin'ora 90'+7 aza ny Malagasy vao nahasala an'io isa io. Tsy afa-bela ihany koa izany ny Maorisiana tamin'ity fifaninanana ity satria efa resy 2-1 ry zareo tamin'ny lalao mandroso teny amin'ny kianja Elgeco Plus By-Pass tamin'ny alarobia talohan'io.

Ny Barea U23 tetsy Mahamasina.

Mbola tsy ampy amin'ny ankapobeny ny fiarahan'ireo mpilalao Barea U23 Malagasy ary sambany ihany koa izy ireo niakatra ny kianjan'i Mahamasina, ka hita ho sahirankirana sy valalanina be ihany ary somary reradreraka noho ny haben'ny kianja. Na izany kosa aza dia hita ho efa mirindra tsara any amin'ny fiarovan-tenan'ity Barea U23 (2022)ity.

Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa somary novana nasiana sisiny lokona IEM manara-penitra ny ankanjo nisaloran'ity Barea U23 ity, tamin'ireo lalao roa ireo, ka mampanontanitena amin'ny hoe : mety ho tonga any amin'ny fametahan'ny fitondram-panjakana ankehitriny sisiny loko loranjy ihany koa any aoriana any ny sainam-pirenena Malagasy raha izao no mitohitohy a!

Rainilita

Baolina kitra Orange Pro League

Nikatona ôfisialy ny taom-pilalaovana 2021/2022

Ny ekipan'ny Cffa Analamanga no voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja baolina kitra sokajy D-1 taona 2021/2022, rehefa nandresy ny ekipan'ny Ajesaia Bongolava ta min'ny isa 3 -0 tamin'ny lalao famaranana notontosaina tetsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina, tamin'ny alahady 12 jona 2022 lasa teo.

Hita ho nanana tombony ara-traikefa kokoa ny ekipan'ny Cffa, izay nahitana an'ireo mpilalao efa zatra ady teo Mahamasina, toa an-dry Chrétien, Bela, Yvon, sns… nanoloana an'ireo mpilalao tanora (mbola soavaly vao niakatra an'i Mahamasina), nandrafitra ny ekipan'ny Ajesaia Bongolava nifanandrina taminy.

Ny filohan'ny CFEM.

Ny filohan'ny CFEM « association des Clubs de Football Elite de Madagascar », Arno Steenkist, tao anatin'ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety natao taorianan'io lalao famaranana io tetsy Mahamasina, no nanambara tamin'ny fomba ôfisialy ny fikatonan'ny fifaninanana OPL 2021/2022.

Rainilita

Tompon-daka basket U18 lahy sy vavy

Andro faha-4 anio any Maevatanàna

Miditra amin'ny andro faha-4 anio any fifaninanana basikety sokajy U18 lahy sy vavy tontosaina any Maevatanàna Faritra Betsiboka, nanomboka tamin'ny sabotsy 11 jona teo. Toy izao ireo fandaharampotoana anio talata 14 jona 2022 :

-Ao amin'ny kianja "Terrain Capj 1 Maevatanàna" : 15:00-FA : Aca # Pintade, 16:30-FB : Mb2All # Jea, 18:00-GD : Bc Est # Bco, 19:30-GA : Sepa Abm # Ambhoop's.

-Ao amin'ny kianja "Terrain Capj 2 Mevatanàna" : GB : Abbcm # Mb2All, FA : Lucadro # Phoenix Bira, FB : Asf # Ebf, GA : Cosfa # Ebf.

Basikety U18 any Maevatanàna.

Nahazoam-bokatra "hologues" ny andro roa voalohany (sabotsy 11 sy alahady 12 jona 2022), eo amin'ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 sokajy U18 lahy sy vavy tontosaina any Betsiboka :

Tao amin'ny kianja "Terrain 1 Capj Maevatanàna" - FA : Lucadro – Aca (49-31), Tgbc – Phoenix Bira (55-76), Aca – Tgbc (42-39), GA : Cosfa – Sepa Abm (71-65), Ambhoops – Ebf (55-59), Ambhoops – Cosfa (73-49), GD : Bc Est – Bcf (44-55), GC : 2Bc – Fananolahy (76-51), FD : Sepa Abm – Mb2All (45-69), GB : (Mb2All – Jap Mada (71-68).

Tao amin'ny kianja "Terrain 2 Capj Maevatanàna" : -FB : Jea – Sepa Abm (53-29), Mb2All – Asf (57-34), Ebf – Jea (35-48), FA : Pintade – Lucadro (36-49), GA : Ebf – Sepa Abm (75-45), GB : Aseim – Abbcm (35-36), GC : Epab – Sbbf (24-83), Bco – Ascut (24-56).

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa

Fonken'omby ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty sy tongolo miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny raisin sec na voaloboka maina

Ny soa azo avy amin'ny raisin sec na voaloboka maina indray, Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireo tombontsoa azo avy amin'ny fihinanana azy:

- Anti- oxidant , anti- inflammatoire: miaro amin'ny fahanteran'ny sela, miaro amin'ny fanaintainana.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Azo ampiasaina raha manao constipation na mitohana.
- Tsara ho an'ny maso.
- Tsara ho an'ny olona manana tosi- drà avo.
- Manamafy ny taolana.
- Manala tavy , tsara ho an'ny olona manena vatana.
- Mampatanjaka ny hery fiarovana.
- Misy vy na fer, noho izany, tsara ho an'ny olona tsy ampy rà.
- Manala rivotra amin'ny kibo sy vavony.
- Tsara ho an'ny olona marary vavony, maha stable, na mampitomboina ny PH acide gastrique.
- Mahatsara sy manamafy nify , miaro amin'ny fahapotehan'ny nify.
- Tsara ho an'ny lehilahy manana olana amin'ny taovam-pananahana.
- Tsara ho an'ny olona mitady zaza: tsy miteraka na vehivavy na lehilahy.
- Tsara ho an'ny volo sy hoditra.
- Mampidina tahana cholesterol sy triglycerides, na menaka.
- Tsara ho an'ny fo sy ny lalan-drà.

Madame ELYA

Mitsabo sy mikarakara TAOVAM-PANANAHANA LEHILAHY, vatana malaindaina, hozatra, diabeta.

Massage RELAXANT, REFLEXOLOGIE.

Mitsabo ny aretina rehetra amin' ny alalan'ny otra

Tél. 0322495332 - 0347867979.